# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 175), Madagasikara 11 desambra 2019

***Amosa 3: 7 "Tsy manao na inona na inona AHO JEHOVAH raha tsy milaza ny hevitro ao amin'ny mpaminany mpanompoko".***

Ry mpamaky sy mpihaino izay hitako JEHOVAH, tsy miova, manaraka, mino izay lazaiko. Faly AHO JEHOVAH. Sarotra ny asan'ny mpaminany kanefa aza tampenanareo vava AHO fa hanadinako azy izay tsy vitany, sao hadiniko miaraka aminy hianao. Manomboka izao aza manakana mpaminany na tezitra amin'ireny fa ireny no fitaovako JEHOVAH mivantana. Ireny no fitaovako farany indrindra tsy maintsy eken'ny rehetra rehefa mitady hivaona ny fanompoana, mivaona sy manova dia mandefa mpaminany AHO. Mafy loatra ny mahazo ireny mpaminany ireny e! hoy hianareo amin'izy ireny hoe : mangina mbola tsaraina aloha! SAO DIA HIANAREO NO HO TSARAIN'NY MPAMINANY? MITSARA= MILAZA NY FAHAMARINANA. Izay no namonoana ny mpaminany ka izay no tsy isian'ny mpaminany andrao ireny mahalala ny ataontsika fa raha miteny ireny dia tsaraintsika hoy hianareo. Tsarao eo anie AHO JEHOVAH e! ataovy fantatrao hay izao no mahatonga azy ireny ho be loha. Tsy mety izy raha tsy manao izay asaiko lazainy. Atao ahoana ary ny handefa firenena amin'izao? Zavatra roa no misy eo amin'ny firenena:

Na misy mpanjaka sy mpaminany

Na sady mpanjaka no mpaminany

Mbola tsy fantatrareo ny hataoko amin'ity firenena ity. Anjaranao ny mahalala Fahamarinana ambany masoandro. Tsy anareo ny hahalala hoe mpaminany tokony hipetraka fotsiny, mandra-pahafatin'izy ireny dia miasa foana na manjoko aza. Jereo ry Ana, Davida, Samoela ary ny mpaminany rehetra, satria ny asako dia atao mandra-pahafaty. Rehefa miasa dia ataovy foana ny asako. Ny olona tsy manana ny Fanahiko no tsy afaka manao ny asako. Aza manao hoe: rahoviana aho no hisotro rononoa? Sao dia tsy hisotro ronona fa ny ngidin'ny fiainana. Samia mifampivavaka fa aza mifanondrotondro fa ny mpaminany no mitsara, mampihavana, manohy izay tsara, manosotra. Iza no nanosotra an'i Davida? I Samoela! Iza no nitso-drano ny firenena? Mpaminany. Ny mpaminany no solotenako eo amin'ny FIRENENA. Niafara tamin'ny fifaninanana ohatran'ny tamin'ny andron'i Elia. Iza no tena mpaminany marina tsy maintsy hisy amin'ny tany. Ny adin'ny filistina sy Israely dia efa tamin'ny andron'i Davida. Aoka hianareo hahalala Fahamarinana.Tsy maintsy atsangana: iza no mpaminany marina satria maro karazana, zavatra maro miseho eto amin'ny tany. Ahoana izao toetr'andro miovaova izao? Tsy maintsy miafara amin'ny hoe : iza no afaka hilaza ny Fahamarinana ambany masoandro? Mikorontana ny tany, mirongatra ny ady, tsy mety aminay iza sisa no mpamonjy. Ny mpaminaninareo amin'ity kaontinanta ity ary ve no mahery? samy hifampiandriandry, fa i bala sy Elia io. I bala efa tamin'ny andron'i Esao ka mandraka ankehitriny. Iza no andriamanitra mahavonjy? Tsy maintsy ho hitan'izao tontolo izao. Raha mahita mpaminany hianao, anontanio hoe taiza no nihaonan'i JEHOVAH taminao? Inona no mission nampanaoviny anao. Tsy maintsy miseho Amiko. Ny fahitana misy famirapiratana, misy fahazavana fa matetika izay nisehoako dia tao anaty aizina AHO. IZAHO afaka miseho amin'ny endrika be dia be.

***Isaia 55: 1** "He hianareo rehetra izay mangetaheta, mankanesa amin'ny rano! Ary hianareo izay tsy manam-bola avia mividia ka homàna! Eny avia mividia divay sy rononona, nefa tsy amim-bola na amin-karena."*

Rano= FANAHY MASINA= Fanahy mahery, Fanahy mahagaga, Fanahy velona, Fanahy mpandresy.

Mividia divay sy ronono = Fanahy Masina io.

Tsy amin'ny vola na amin-karena = tsy atakalo amin'izay avy aminareo fa poteho ny fo vato rehetra handraisanareo fahasoavana.

***Isaia 55: 8-9** "Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Jehovah. Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo."*

Fihevitrao = hianao toa tsy sahy fa ny Fanahiko mahery rehefa mirotsaka ao aminao dia mahavita fa ireny no tsy misy mahamenatra. Fa rehefa hianao manaiky hoe: izaho manaiky JESOSY fa ampio aho JESOSY dia homeko anao ny Fanahy Mahery. Angataho ny Fanahy hahaizanao mitory fa hainao izany.

Apetraho ny anareo dia atsangano ny an'i JESOSY fa vao mijoro eo anoloan'ny olona fotsiny hianao dia ho babo izy. Mitsangàna mihazavà. Ny lalako aminao, tsy fantatrao e! Pasitera hianao, mila mizaha olona, tsy menatra, vao mainka mirotsaka ny Fanahy miteny. Tsy fantatrareo mihitsy ny lalako. Tsy hainareo mihitsy ny lalako ny aminareo.

Hafahafa AHO JEHOVAH, hianareo koa hafahafa arakaraka ny itehirizanareo ny toerana misy anareo. JEHOVAH MPANJAKA AHO.Ny andriamanitra dia noforoninareo ary rehefa novaina ny Baiboly dia nampidirina io fa manomboka izao dia JEHOVAH MPANJAKA AHO. Amin'ny zanak'olombelona ny atao hoe andriamanitra dia izay itokiany. IZAHO JEHOVAH dia MPANJAKA LEHIBE mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana mandrakizay. Mba hahatonga ny tany hiadana finaritra dia hametraka mpanjaka AHO. Tsy ho ela dia hisy mpanjaka hanatanteraka ny sitrapoko.

***Isaia 44: 6** "Izao no lazain'i Jehovah, Mpanjakan'ny Isiraely, dia Jehovah, Tompon'ny maro, Mpanavotra azy: Izaho no voalohany, ary Izaho no farany: Ka tsy misy Mpanjaka afa-tsy Izaho."*

Anarana Masina sy Marina ny Anarako ary tsy misy mitovy Amiko. Mpaminany no ampahafantarana ny zavatra rehetra. Mpaminany no nidinan'ny teny voalohany. Tsindrimandry tao amin'ny mpaminany ny Soratra Masina rehetra. Tsy maintsy mpaminany no mitondra ny teny. Tsy misy toriteny azo atao raha tsy misy teny azon'ny mpaminany aloha. Inona no ho entina ambavaka raha tsy nisy mpaminany? Ahoana no hahafahana hiditra ny Fanjakako raha tsy misy mpaminany? Tsy maintsy misy mpaminany ao anaty Fiangonana fa tsy any ivelan'ny Fiangonana, fa ny mombaan'ny Fanjakako no nalazainy sy ambaran'ny mpaminany. I Noa anie ka mpaminany, niresaka taminy AHO hoe ho ringana anie ny olona fa manaova hianao sambofiara, dia nino ny olona. Ahoana ary ny hahalalanareo izay tokony hatao raha tsy misy mpaminany?

Amen!

Mbola hitohy.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43, 034 44 966 48***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora


RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety efa miara-miasa, Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**CUA SY NY POLISY NASIONALY**

## Manentana ny taksibe hanaraka ny bokin' andraikitra hampalalaka ny fifamoivoizana

Fandrindrana ny fifamoivoizana eto an-drenivohitra, mbola maro amin'ireo taxibe no tsy manaja ny bokin'andraikitra, ary misy mihitsy ireo minia mandika izany amin'ny tsy fanarahana ny fitsipika mifehy ny lalàna, sy ny toeram-piantsonana, ny fanaovana vodihazo amin'ny arrêt iray, ny fanalana sy fampidirana olona anaty arabe.


*Miasa ny mpiasan'ny CUA, ho fanalalahana ny fifamoivoizana.*

Ireo no anisan'ny antony mbola mampikorontana ny fifamoivoizana eto an-drenivohitra araka ny nambaran'ny teo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Manao ny ezaka rehetra ny tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ny fifamoivoizana, manentanana ireo taxibe amin'ny fanajana ny bokin'andraikitra, anisan'ny imasoana koa amin'izao fotoana izao ny fandaminana ny fivarotana amoron-dalana amin'ny alalan'ny fanetsehana ireo agent d'assainissement sy ny fandrindrana ny fifamezivezen'ny taxibe eny amin'ny toeram-piantsonany, sy amin'ireo sampanan-dalana fanaovan'ny taxibe hadisoana matetika, ka miara-misalahy amin'ny fanatanterahina izany ny polisy monisipaly sy ny polisy nasionaly. Miezaka mampianatra sy manitsy hatrany ireo mpitondra taxibe hirindran'ny fifamoivoizana. Nomarihin'ny tompon'andraikitry ny CUA, fa tsy tokony hiandry fanasaziana foana ireo taxibe vao hahalala ny tokony hataony, mila manaraka amin'ny antsakany sy andavany ny voalazan'ny bokin'andraikitra, ary mila mahay manaja ny hafa amin'ny fampiasana ny lalana. Misy ny vokatra azo tsapain-tanana, malalaka hatrany ireo lalana nobahanan'ny mpivarotra sy nampisy fitohanana teo aloha. Hotohizana ary hatsaraina hatrany izao fomba fiasa izao hoy ny teo anivon'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo, hanalefahana ny fitohanan'ny fifamoivoizana.

***Stefa***

**Fanarahan-dian'ny miaramila sy fokonolona**

## Dahalo iray mpangalatr'omby tratra, omby 40 tafaverina amin'ny tompony

Miara-misalahy amin'ny fokonolona amin'ny ady amin'ny asan-dahalo sy ny halatra omby ny miaramila miasa any amin'ny faritra Betsiboka iny. Nitrangana halatr'omby tao Ambarimanta I, fokontany Anosimpotaka, Kaominina Tsiafabositra, distrikan'iy Maevatanana ny faran'ny herinandro teo. Omby efa ho 40 mahery no nalain'ireo dahalo ary tsy vitan'izany, fa nandroba entana maromaro sady mbola nandoro trano koa ireto tsy mataho-tody ireto. Nampandre ny miaramila avy amin'ny ZRPS DELTA BOA1, Holafy Mahatsinjo ny fokonolona, ka niroso tamin'ny fanarahan-dia. Vokany, tafaverina daholo ireo omby ireo ary izao tratra izao ny iray tamin'ireo dahalo ary efa naterina any amin'ny Zandary any Maevatanana ,mbola eo ampikarohana ireo namany kosa ny miaramila ankehitriny.


*Ilay dahalo tratra nangalatra omby tany Tsiafabositra Maevatanana.*


***Niaina***

**Mpanakanto Wawa**

## Nankalaza ny tsingerin-taona nahaterahany ny 12 desambra koa

Nankalaza ny tsingerintaona nahaterahany ny 12 desambra teo koa ny mpanakanto Wawa. Feno 37 taona ny alakamisy teo i Wawa, na i Andrihamahazo Joel Issoubaly, fantatra amin'ny anarana mpanakanto hoe Wawa, izay antsoin'ny maro ihany koa hoe "Le prince du Salegy". Teraka tany Nosy-be izy, zanaka mpandrafitra. Vao 11 taona izy no nanomboka niaraka tamin'ny tarika tao anaty fianakaviana "Star boys", mpively batterie izy tamin'izany. Feno 16 taona izy, dia lasa batteur tao amin'ny groupe Jaguar II, hatramin'ny taona 2003. Teo anelanelan'izay anefa izy, ny taona 2001, dia namoaka album "Eh Makoalahy". Ny faramparan'ny taona 2003 izy namoaka ny album "Sômasômahely", ary dia niakatra nihazakazaka ny lazany. Ankehitriny dia efa any Eropa i Wawa mitety ireo faritra be Malagasy, toy ny any Belgique, ary any Frantsa no hanao ny alimpandihizana ny Noely sy ny famaranana ny taona 2019.

***Aly***



*Ny mpanakanto Wawa, mitovy tsingerin-taona nahaterahana amin'ny filoha Marc Ravalomanana.*